Ny Valosoa sy fakafaka
**Miadana ilay lamasinina haingam-pandeha** 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 23 febroary 2019 Laharana 878 Vidiny : 400 Ar


**Efesiana 4: 11-12** 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 112), Madagasikara 17 febroary 2019


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Fifidianana depiote** 3

# Hanarina ny lesoka ny TIM.K25



**Orinasa SIRAMA** 2

# Miantso fanadihadiana haingana ny mpiasa



**HARINAIVO RASAMOELINA** 3

## Hevitra tongatonga ho azy ny an'ny mpitondra izao fa tsy voadinika



**Anosipatrana** 6

Taxi-be nifanenjika nifatratra tamin'ny «poteau»

**Tsy fandriampahalemana** 6

Notafihan'ny jiolahy Ambohitrandriamanitra Manjakandriana

**DISTIM Boriborintany VI** 2

Efa any amin'ny Filoha Ravalomanana ny lisitry ny ho depiote

**Daka kely**

Toa tsy tazana intsony ialahy ry Boaikely, mikatso angaha ny IEM ?

**Kolontsaina** 4

## Ny 6 aprily ho avy izao ny Taombaovao Malagasy



ORINASA SIRAMA

## Miantso fanadihadiana haingana ny mpiasa

Miantso ny fanjakana hanafaingana ny fanaovana fanadihadiana sy fitsirihana eny ifotony ny mpiasan'ny Sirama Nosy-Be sy Brickaville. Tsy mbola mihodina ny Sirama ary tsy mbola mamokatra vokatra ny Compagnie Vidzar. Maro ny fitaovana tsy mihodina amin'izao hoy ireo mpiasa milaza ny fitarainany. Amin'izao koa nampiakarin'ny Vidzar eto Antananarivo ireo mpiasan'ny Sirama efa voaroaka sy tsy mpiasa ao, asainy manao point de press nefa tsy afaka atrehan'olona na journaliste, entina anafenana ny lamba malotony amin' ny fitantanana tsy mety sy kolikoly nataony, hoy ihany ireo mpiasa njitafa tamin'ny mpanao gazety. Miantso ny fanjakana handray an-tanana sy hitondra vahaolana momba ny olana mianjady amin'ny Sirama any Brickaville sy Nosy-Be ireo mpiasa manao fitokonana amin'izao. Araka ny fanambaran'izy ireo, nataon'ny fitondrana HVM kolikoly tanteraka ny fanomezana ny tolo-bidy nahazoan'ny orin'asa Vidzar ny fitantanana ireo orinasa ireo, ka lasa sakana amin'ny fampandehanana ny orinasa amin'izao ny fitantanan' ny Vidzar. Tsy mbola namokatra siramamy na kely aza izy ireo nefa efa an- taonany maro no nitantanany io orinasa io.



*Ireo mpiasa solontenan'ny orinasa SIRAMA.*

Lasa vola ao amin'ny orinasa indray no ahodina tsy hita hoy ireo mpiasa izay ampiasaina. Resaka akamakama no nataon'ny HVM tamin' ireo mpiara-miombon' antoka nahatonga ity orinasa ity lasa mitsipozipozy hatramin izao. Efa ambolana maro ireo mpiasa manao fitokonana io. Ho fanairana ny fanjakana, nambaran' ireo solontenanny mpiasan'ny Sirama Andriamatoa Jean Paul fa nahavelom- bolo azy ireo ny hafatry ny filohampirenena nandrintra ny kabary nataony teny Mahamasina tamin'ny fianianana izay nataony fa hiady amin'ny kolikoly ary mila atao malalaka tsara ny tolotrasa, eo amin'ireo orinasa hiarahiasa amin'ity orinasampanjakana ity. Maro ireo voakasik'io orinasa Sirama io, izany no hahafahana mampihodina indray amin'ny toerany ity orin asam-panjakana ity, efa tany amin'ny taona 1973 no efa nihodina ny orinasa Sirama, nandeha tsara izy taman'izany, fa lasa nikorosy fahana ity orin asa ity taorin'izay avy eo. Nijery ny fomba hanarenana azy ny fanjakana nifandimby, izao vao mainka nanampitrotraka ny fitantanan'ny orinasa Vidzar satria tsy mamokatra siramamy izy, fa lasa mivadika ho tombontsoan'olon-tokana.

**Ny Valosoa**

DISTIM

## Efa any amin'ny Filoha Ravalomanana ny lisitry ny ho depiote

Manoloana ny fanolorana kandidà ho depiote, nanao fanambarana ny avy amin'ny DisTIM Boriboritany faha-6 Ambohimanarina. Araka ny fanapahan-kevitra izay niantsoana ireo Biraon' ny FokoTIM sy ny mpikambana Jeune/Femme TIM ary Mpanohana K25 nivory sy nanapaka ny alahady 9 febroary 2019 ary neken'ny maro an'isa nivory, tsy misy nanao kolikoly fa taratry ny firaisankina sy ny fihavanana manamarika an' Ambohimanarina sy Antehiroka "Enin-dray, Enin-dreny" dia manamafy etoana izy ireo, fa tazonina ary amafisina ny anaran'ireo olona natolotra ho kandida ho solombavambahoaka ny Lisitra Mpitarika mandrafitra izany, izay efa eo ampelatanan'ny Filoha Marc Ravalomanana, izy no manapaka sy tompon'ny teny farany, ary aseho ampahibemaso ireo mpikambana fototra mandritra ny Fifampiarahabana noho ny natrarana ny taona 2019 ny sabotsy 09 Martsa 2019, araka ny fampahafantarana nomena ireo mpitarika FokoTIM 31 sy ireo Points Focaux, ka mbola lazaina amin'ny manaraka ny fandaminana rehetra. Izao no atao dia hialana amin'ireo andian' olona minia manakorontana tsy voafehin'ny fitsipika sy ny lalàna ary ny rafitra misy. Nanao izao fanambarana izao ny filohan'ny DisTIM: Gabriel Rafiliberasoa, ny SG ny DisTIM: Tahinjanahary Randriamampianina.



*Ny avy amin'ny biraon'ny DISTIM Boriboritany faha-6.*

**Isambilo**

Filohan'ny CENI

## Anisan'ireo mpanara-maso ny fifidianana any Sénégal rahampitso

Lasa nihazo an'i Sénégal ny filohan'ny CENI, na ny Vaomieram-Ppirenena Mahaleotena misahan ny Fifidianana eto Madagasikara, Hery Rakotomanana. Anisan'ireo ho mpanara-maso amin' ny fifidianana filohampirenena any amin'ity firenena ity rahampitso 24 febroary izy, ny 21 febroary teo izy no efa any Sénégal ary tsy hifarana raha tsy ny 25 febroary ho avy izao ny fivahiniana any amin'ity firenena iray any Afrika Andrefana ity. Izao iraka ataony izao dia ao anatin'ny RECEF (Réseau des Compétences Electorales Francophone), na ny tambazotran'ny manana traikefa amin'ny fifidianana amin'ny firenena Frankôfôna, sy ho fifanakalozana traikefa amin'ny mpikarakara fifidianana sénégalaise. Fifidianana filohampirenena andiany faha-11 ity ho tanteraha rahampitso ity hatramin'ny nahazoany fahaleovantena. Filohan'ny CENI avy amin' ny firenena maromaro mampiasa ny fiteny frantsay koa no any antoerana ankehitriny. Ny filoha sénégalais ho voafidy eo dia hitondra mandritra ny 5 taona, 6 700 000 no isan'ny mpifidy handrasana. Mbola mirotsaka hofidiana ny filoha am-perinasa Macky Sall, voailika noho ny antony ara-pitsarana tsy nahazo nandray anjara kosa ny kandidàn'ny mpanohitra tokony ho tsara toerana dia ny ben'ny tanànan'i Dakar Khalifa Sall, sy ny zanaky ny filoha teo aloha, Karim Wade.



*Ny filohan'ny CENI, Hery Rakotomanana.*

**Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Miadana ilay lamasinina haingam-pandeha

Manomboka ho hita mifaritra miandalana ny ho endrik'izao fitondrana izao, iray volana mahery kely taorian'ny niakaran'ny fitondrana. Manomboka mamaritra izay ho famindrany ihany koa etsy ankilan'izany ireo mpamakafaka sy mpandalina ny fiainam-pirenena rehetra. Anisan'ny misongadina amin'izany ny tsy fahitan'izy ireo ny paik'ady mazava sy matotra amin'ny fampandrosoana ny firenena, fa manentsina izay « miboiboika » hatrany aloha hatreto no ataon'ny fitondrana Rajoelina. Ankoatra izay dia ny fanohizana ireo tetik'asa efa vita sonia tany amin'ny fitondrana nodimbiasiny ary ezahiny ny mamita sy mamarana azy. Samy mikitika asa izay heveriny hifanitsy fotsiny amin'ny vinan'ny filoha iarahany miasa no imasoan'ireo mpikambana eo anivon'ny governemanta any amin'ny ministera iandreketan'izy ireo tsirairay avy, mba ilazana fa miasa izy ireo. Tsikaritra anefa fa tsy mifandraika be ihany amin'ny zava-misy andrasan'ny vahoaka vahaolana izy ireny. Anisan'izany, ohatra, ny eo amin'ny sehatry ny angôvo izay miandraikitra ny herin'aratra sy ny resaka rano fisotro madio. Hatramin'izao, mbola tsy mahita mangirana amin'ny fihatsaran'izany ny mponina fa tsy mbola mitsahatra ny filaharana rano amin'ny fametrahana ireo « bidon » fitateran-drano miandry ny kamiaon'ny orinasa Jirama. Tsy hita izay politika mazava momba izany hatreto sy ao anatin'ny fotoana fohy. Moa tsy maika ve izany ? Eo ny mbola fahatapahan-jiro na dia nambara fa efa novahana aza ny olana. Ny vokatr'ireny fahatapahan-jiro tampoka ireny tsy hahenoina na kely aza, fa honerana ny fahavoazana. Moa tsy mitovy ny tamin'ny taloha izany ? Eo koa ny resaka vary, natao ren-tany ren-danitra tamin'ny fotoana nianianana fa efa an-dalana amin'ny sambo ny vary ho an'ny vahoaka Malagasy, fa tonga asa no atao, toa tsy mbola re hatramin'izao ny fahatongavan'izany sy ny fiparitahany manerana ny tsenam-bahoaka. Moa hanao resabe toy ny teo aloha koa ? Nokitikitihana hatrany ny datim-panadinana ara-panjakana, aiza ka miova fanintelony indray izany. Moa tsy mitovy amin'ny teo aloha amin'ny tsy fahamatorana ihany koa izany? Ny fijerena ny fototry ny olana sy ny vahaolana fototra feno fahendrena tsy hita taratra mazava hatreto kanefa izany no tena ilaina ho an'ny vahoaka sy ity firenena ity. Mbola afaka miala bala kely ihany aloha ka hilaza fa tsy mbola mandeha amin'ny faratampony amin'ny hafainganam-pandehany ny lamasinina fa mbola vao tsy ampy 40 andro izay... Ny tsapa sy hita aloha dia miadam-pandeha ilay lamasinina tokony ho haingam-pandeha TGV. Hotazanina eo ny ho tohiny...

**Sôh'son**

TONONKALO

## Lasa ny volana iray

Indro lasa ny volana iray
Saingy indrisy tsy nisy mangirana !
Tsy milamina ny eto aminay.
Mainka ny olona tena sahirana !

Ampiakarina hatrany ny feo,
Saingy hatreto ianareo tsy tafainga.
`Ndeha jereo ny vahoaka fa leo,
Sady tofoky ny laingalainga !

Tsy kabary no ilaina fa asa.
(Atsangano ireo `zay noravana).
Efa volana iray izao no lasa,
Tanteraho ny fampanantenana.

Efa lasa ny volana iray.
(Tsisy zavatra hoe mba manjary),
Ka ny akoho tsy naneno hoatr`izay,
Aminay efa lanin`ny kary.

**DADAN`i ZINA (21-02-19)**

Ny Valosoa sy hadihady

# Solombavambahoaka vaovao : hametraka fanantenana sa vao mainka ho ratsy noho ny teo aloha ?

Andro vitsy sisa dia hisokatra amin'ny fomba ofisialy ny fisoratana anarana ho an'ireo izay mieritreritra ny hirotsaka ho fidiana solombavambahoaka manerana an'i Madagasikara. Raha ny fantatra aloha dia ifandrombahana tanteraka ity toerana maha solombavambahoaka ity, indrindra tamin'ity fifidianana indray mitoraka ity. Toa lasa fitadiavambola ho an'ireo olona manan-katao izy ity satria bizina haingana hahazoana vola hoy ny sasany. Raha ny tsikaritra dia misy ny ady mangatsiaka eo amin'ny samy mpikambana ao amin'ny antoko iray na fikambanana miady ny ho lohany amin'ny hitarika ny lisitra. Ny tena hita amin'izany dia aty amin'ny antoko izay heverina ho lehibe eto amin'ny firenena no tena miseho ny ady. Fantatr'ireo olona mitady ny toerana ho solombavambahoaka mantsy fa ao amin'ireo antoko matanjaka ireo no mety hahazoana vintana na riziky ho amin'io toerana io dia atao ny fomba rehetra handresena lahatra ny lehiben'ny antoko na fikambanana mba hanolotra azy ho kandida. Ao anatin'izany dia atao daholo ny hafetsifetsena rehetra, misy ireo tsy lany henatra manome vola ireo fototra na base hiaingan'ny fifantenana. Izay mantsy no tena nirian'ny olona hoe, miainga avy any amin'ny base ny olona tokony ho Depiote na Ben'ny tanàna. Ao anatin'izany, misy ny manararaotra mividy olona sy mametraka ny olony mialoha hanohana azy rehefa tonga ny fotoana hanendrena ireto farany eo amin'io toerana io. Ny antony mahatonga ny olona hihazakazaka eo amin'ny toeran'ny solombavambahoaka aloha dia maro loatra ny tombontsoa azon'izy ireo mandritra ny 5 taona maha solombavambahoaka azy. Raha ny hita maso, misy ireo depiote teo aloha no hita fa nifanosina tamin'ny vahoaka, ny vola karamany lany nanaovana asa, na tsy anjarany aza izany. Tonga midodododa raha vao misy loza mahazo ny distrika nifidy azy, fa etsy andaniny kosa tena misy ireo mifanohitra amin'izany, tsy nivaky loha tamin'ireo vahoaka nifidy azy, miavonavona fa rehefa tonga ny fifidianana vao mody manatona sy mitady resaka. Mampalahelo ny zavatra toy izany, ka mila mijery akaiky ireny ny mpitarika antoko politika, indrindra ny antoko Tiako i Madagasikara TIM. Ny antony dia mametraka fanantenana tanteraka amin'ireo depiote vaovao TIM.K25 ny vahoaka Malagasy mba ho arofanina amin'ity fitondràna TGV izay hita ihany ny nahatonga azy ho tonga teo amin'ny fitondràna. Ka eto ny gazety Ny valosoa vaovao dia mandefa hafatra ho an'ireo izay mieritreritra ho depiote, raha vao manomboka dia efa mandeha sahady ny fampiasam-bola hifidianana olona hifidy anao eny amin'ny fototra dia ho zavadoza no hitranga eny amin'ny antenimierampirenena satria dia loza noho ny teo aloha no hiseho fa hanjaka indray ny MALETY. Aoka leiretsy mba handeha araka ny FAHAMARINANA izay efa nodradradradraina no hiseho fa tsy vao ety am-piandohana dia efa misy sahady ireo fanetriben'ny firenena manao ny fika maloto rehetra hahatongavany eo amin'ny seza.

**Helisoa**

Harinaivo Rasamoelina

## Hevitra tongatonga ho azy ny an'ny mpitondra izao fa tsy voadinika

Maro ny mpanao politika sy olontsotra no maneho ny heviny mikasika ny raharahampirenena ankehitriny izay toa manalasala ohatra ny vozon' akoho ihany ny fijerena ny fomba fiasan'ny fitondràna TGV. Mitondra ny fanehoan-keviny ny mpanao politika Harinaivo Rasamoelina. Tsy misy ny zavatra matipaika amin'ny fampiharana ny programa IEM nampilendalendàna ny vahoaka fa toa zavabaovao tsy fantampantatra no haseho amin'ny vahoaka toy ilay nametrahana trano kaontenera eo Ampefiloha ilay lazaina hatramin'izay hoe La Réunion Kely. Isan'ny mpanao politika nanambara ny heviny mahakasika izany indrindra ny mpanao politika Harinaivo Rasamoelina. Aleo aloha hazava tsara ilay resaka



*Ny mpanao politika Harinaivo Rasamoelina.*

Trano "conteneur" fa tsy trano vy ! Sao misy mandray ambolony ny resaka. Na resin'ny lainga tsara lahatra. Na hoe Mahafinaritra sy mahasoa tampoka dia mety ! Roso ary :

1-Tsy misy olona na iray aza milaza na mihevitra fa tsy tokony ho jerena ny sahirana. Ny malagasy manontolo no ao anatin'izany ankehitriny.

2- Tsy misy koa milaza fa ratsy ny trano atao amin' ny vy na hazo na zozoro na inona na inona rehefa azo hitsofoana sy ivelomana. Ny malagasy rehetra no mitady izany.

NY OLANA SY NY MAHA LASA ERITRERITRA DIA IRETO:

1- Ny nanambara avo dia avo hoe ity ny programa IEM tamin'ny fampielezan-kevitra sy efa navoakan'ny PGE ary ny fanambaran'ny prezidansa ve dia tsy nahita mialoha ny momban'ny fametrahana ireo trano " mora ireo " ! Nahoana no buildings sy zavatra marevaka sarotra tanterahana aza voalaza!

Dikany : tongatonga ho azy izao fanapahankevitra izao ary tsy voadinika akory tao amin'ny "plan de développement regional" na "national".

2- Teny naverimberina foana ny hoe tsy ekena ny tany sy toerana an'ny fanjakana na am-bahoaka hananganana trano. Ary ny fanorenana tsy ara dalàna dia toherina. Betsaka ny fifanenjehana teto amin'ny hoe tanin'ny kaominina namidy na nomena olontsotra. Tokony ho araka ny lalàna avokoa ny fananana tany ! Izany no nifidianan'ny olom-pirenena mpitondra.

Ka fahasahiana avy aiza no hahasahian'ny tompom-pahefana hametraka trano amin'ny toerana voarara?

Dikana: ny fahefampanjakana indray izao no manome olona hibodo ny tanim-bahoaka. Fanapahan-kevitra tsy voadinika taloha izany. hevitra tongatonga ho azy.

3- Farany:

Misy orin'asa goavana iraisampirenena velona sy matanjaka manangombola (harena) amin' ny fidiran'ny friperie isankarazany aty Madagasikara sy tany mahantra (akanjo, kilalao, kiraro, poketra, kitapo, fiara, fako simika sns... tsy voatanisa.). Misy malagasy sy tompom-pahefana miasa mafy amin'io ary dia bizina goavana izany.

Lasa "fasan'ny friperie" i Madagasikara.

Dikany.Iza no ao ambadik'izao ataon'ny tompom-pahefana izao ka hanao an'i madagasikara ho "simetierana kontenera" indray, mody hoe manasoa sy manatsara nefa bizina goavana no ao ambadika!

Aoka tsy ho adino fa diso maro ireo vahiny nielinelina tao aorianan'ny IEM izay sy ireo mpanao afera iraisampirenena daholo.

Sosokevitra :

Naninona raha nahodina ho matiere première ireny vy ireny dia nananganana orin'asa ka navadika ho fitaovaom-pamokarana!!!! amin'izay kontenera iray mety nahavitana trano 3 na 4 ny tombombarotra azo tao. sady mamorona pme, pmi amin'izay no mahazo asa ny maro, no mitombo ny harinkarena!

Dikany : fanapahankevitra tsy voadinika izao atao izao.

**Helisoa**

FIFIDIANANA DEPIOTE

## Hanarina ny lesoka ny TIM.K25

Vonona ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) sy ny vondrona TIM.K25 amin'ny fifidianana solombavambahoaka ny 27 mey ho avy izao, araka ny daty napetraky ny fitondràna hanavaozana indray ity andrimpanjakàna mpanao lalàna ity, taorian'ny nanomezan'ireo depiote teo aloha ny fahefana feno ny filoha napetraky ny HCC sy ny CENI Andry Rajoelina. Na izany aza anefa dia fotoana izao hanarenana ny lesoka teo aloha nandritra ny fifantenana ireo hisolotena ny antoko TIM, toy ny nisy tamin'ny fifidianana depiote teo aloha depiote sy ben'ny tanàna. Tokony hojerena tsara amin'ny antsipirihany ireo hisolovava ny vahoaka fa tsy ho voafitaky ny hoe avy any amin'ny base fotsiny. Maro mantsy ny base na ny fototra sasany mihintsy no nahapotika ny TIM teny amin'ny toerana sasany. Tsy nofidian'ny mpikambana teny ifotony ireny fa napetraka satria akaiky ireo nanana fahefàna tamin'izany. Raha tiana ny hahita fandresena dia jerena isanisany mihintsy ny olona atolotra ho depiote, misy ilana fototra, misy tsy ilàna azy, satria ny fomba nanendrena azy ireo mihintsy no mametram-panontaniana.

**Helisoa**



*Ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Tsy hitondra soa ho an'ny firenena ny fitondrana miorina amin'ny halatra sy ny lainga

**Bernard Rasolonjatovo** : fitondrana niorina amin'ny lainga sy halatra sady eo ambany fifehezan'ny mpanjanaka, tsy hitondra soa na oviana na oviana ho an'ny firenena.

**Voahary Narovana** : tena marina izany, fitondrana tsy mino an'Andriamanitra fa mitoky aminjavatra hafa tokoa tsy hitondra soa ho an'i Madagasikara satria Masina ity firenena ity.

**Rakotoarisoa Tahiana Hasindriaka** : sady tsy ho lasa lavitra satria malahelo ny vahoaka, fitondrana hifatraran'ny alahelom-bahoaka.

**Vola Hasinavalona Ramanitra** : tena marina mintsy zany teny io ambony io e, mpitondra tsy niniana tamin'ny baiboly, tsy hatokisana satria midika izany fa mety hivadika ato ho ato.

**Liva Kelly** : marina zany, tsy ny seho ivelany na ny famonoana afo atsy sy eroa le izy, fa le fototra nanorenana le trano niorina tamin'ny tsy ny fahamarinana mihitsy no misy?

**Ryand Ovin** : mbola betsaka ny jamba h@ izao e !.... na mody jamba. Ilay IEM aza tsy hampiharina indray fa ny programan'ny teo aloha dia ny Fisandratan-dRajaonarimampianina sy ny MAP ny Filoha Marc Ravalomanana ihany no tohizandRajoelina mpanongam-panjakana amin'izao fotoana.

**Berthe Rasamizanany** : tsy tafavoaka mihitsy ilay Andry Rajoelina, ny fisehisehoana no betsaka fa ny zavatra tena vita sy miantraika amin'ny dahalobe tsy misy. Be ny efa manenina amin'izao fotoana izao ireo nifidy an-dRajoelina mpanongampanjakana.

**Odon Rafiakarantsoa** : efa manomboka mimenomenona amin-dRajoelina sy ny ekipany ny avy any amin'ny faritra sy eny ambany tanàna satria efa voailikilika sahady.

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fampahafantarana ny mpivarotra fa tsy azo atao intsony ny mivarotra anaty arabe, nataon'ny Boriboritany faha-3.**











KOLONTSAINA

## Ny 6 aprily ho avy izao ny Taombaovao Malagasy

Ny 6 aprily izao indray no hanamarihana ny Taombaovao Malagasy amin'ity taona 2019 ity. Noho izay antony izay ny " fidiovampirenena" sy "fifampiarahaban'ny malagasy" ary "taombaovao malagasy" dia hatao ny 04-05-06 aprily 2019. Amin'ny fararano izay vanimpotoana hiafaran'ny orambe, kotroka, rivodoza ary maintso ahitra dia tokony hidio isika malagasy satria maro tamintsika no nijoboka tamin'ny rano maloto mifangaro pipy sy diky. Mila midio ihany koa isika satria fiafaran'ny vanimpotoana fidiovana ara-boajanahary eto Madagasikara ny fararano. Mila midio am-po sy am-panahy isika satria be loatra izay fifanenjehana eo amin'ny samy malagasy izay ary mila midio isika satria hiditra taona vaovao. Hifampiarahaba ihany koa isika malagasy amin'io fararano io satria tsy matin'ny ranobe, rivodoza, varatra, maintso ahitra, tany mihotsaka sy vatobe mikodia, tsy matin'ny valan'aretina toy ny kitrotro sy pesta nandringana olona maro nanomboka ny lohataona septambra. Hifampiarahaba isika samy malagasy satria tsy maty fa mbola velon'aina notahian'Andriamanitra Andriananahary. Ny fararano ny alakamisy 04 aprily 2019 sy zoma 05 aprily 2019 no hanaovantsika malagasy ny fidiovampirenena manerana an'i Madagasikara ary ny tsinan'Alahamady ny sabotsy 06 aprily 2019 no hanaovantsika ny fifampiarahaban'ny malagasy samy mbola velon'aina sady tratry ny taombaovao malagasy. Tsy hiandry ny fanjakàna isika amin'ny fikarakaràna izany fidiovampirenena sy fifampiarahaban'ny samy malagasy izany fa isika any an-tokantrano, isika mpiray monina, isika mpiray toeram-piasàna, isika iray toerampianarana, isika mpiray finoana dia samy afaka manao izany fidiovampirenena sy fifampiarahaban'ny samy malagasy izany amin'ny fombantsika manokana avy manerana ny faritra eto Madagasikara amin'io 04-05-06 aprily 2019 io. Malalaka ny fomba hanaovana ny fidiovana sy fifampiarahabàna ary fankalazàna ny taombaovao malagasy. Izany hoe amin'io 5 sy 6 aprily 2019 io dia mety ho samy hafa ny fomba hankalazàna ny taombaovao malagasy any Fianarantsoa sy ny fomba hankalazàna ny taombaovao malagasy any Antsiranana. Na samy ao Toamasina aza amin'io fankalazàna ny taombaovao malagasy ny 06 aprily 2019 io dia mety ho samy hafa ny fomba hankalazan'ny mpivavaka nentimpaharazana izany sy ny hankalazan'ny mpino kristiana na silamo izany. Izay ilay taombaovao malagasy: samy afaka mankalaza azy ny rehetra amin'izay fomba tiany isika malagasy manerana ny nosy fa ny daty no itovizantsika dia ny tsinambolana sabotsy 06 aprily 2019. Koa manao antso amin'ny fanjakàna malagasy mba homena "permission" tsy hiasa manomboka amin'ny 12 ora antoandro ny zoma 05 aprily 2019 ireo mpiasampanjakana sy mpiasan'olontsotra mankalaza ny taombaovao malagasy mba hahafahan'izy ireo midio sy mikarakara ny lanonana rehetra, hoy ireo mpikarakara.

***Nangonin'Isambilo***

## Sakafo Ny Valosoa



Ron 'anana sy patsabe ary angivy indray no laoka eto amin'ny pejin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny soa azo avy amin'ny dite



Ny soa azo avy amin'ny dite, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny dite veromanitra dia fanafody sinusite, fanafody tsy fahitan-tory. Ampangotrahina dia hievohana, isaky ny hariva, mandritra ny 15andro, ho hitanao eo ny fiovany, na dia sinusite tokony ho didina aza. Raha mbola tsy sitrana, dia miato kely herinandro , ary avereno indray. Torimaso: maka veromanitra dia ampangotrahina anaty rano, tsy misy fetrany. Rehefa vita izay dia sotroina isaky ny hariva alohan'ny hatory.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'ny Nosy Sainte- Marie any amin'ny faritra Analanjirofo

Ny tanànan'ny Nosy Sainte-Marie any amin'ny faritra Analanjirofo indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Taloha ny fiantso azy dia voalaza fa Nosy Ibrahim, nanjary Nosy Boraha avy eo ary Nosy Sainte-Marie no fiantsoan'ny vazaha azy avy eo, ary mbola voatana hatramin'izao, izay anarany izay. Ranomasina 30 km eo no manasaraka azy amin'i Soanierana Ivongo, izay amin'ny tanibe Madagasikara. Ny tendron'i Sainte-Marie kosa anefa dia 5 km eo monja miala amin'ny tanibe. Nosy miendrika lavalava izy, 49 km ny halavany ary 5 km eo ny sakany. Eo atsimony dia misy nosikely miaraka amin'i Sainte-Marie ihany: ny Ile aux Nattes, 200 m no manasaraka azy amin'i Sainte-Marie, 2,5 km ny halavana ary 1,5 km ny sakany. Misy tendrombohitra tsy dia avo ity Nosy ity, 121 m ny haavony. Ny tanàna lehibe ao Sainte-Marie dia Ambodifotatra. Ny fizahantany no mampalaza an'i Sainte-Marie, indrindra ny fijerena ny trozona, na baleine à bosse. Noho izay resaka fizahantany izay, saika mahay fiteny Frantsay avokoa ny 40% ny Saint-Marien na ny Antinôsy, izay filaza ny mponina amin'ity nosy ity. Manana seranam-piaramanidina izy. Ara-tantara, Portugais no nahita azy voalohany. Avy eo, ireo piraty na jiolahin-tsambo no tena mpivezivezy tamin'ity Nosy Malagasy ity. Ao Sainte-Marie no misy ny fiangonana katolika voalohany indrindra eto Madagasikara.



## Efesiana 4: 11-12

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 112), Madagasikara 17 febroary 2019

***Efesiana 4: 11-12 "Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy"***

IZAHO JEHOVAH dia te hilaza aminao manao hoe: ny antony izarana sy anomezana anareo ireny Fanomezam-pahasoavana ireny dia ny mba hitomboan'ny olom-bonjena, ny mba hitaran'ny Fanajakana sy handrosoan'ny Fiangonana. Efa nolazaina taminareo fa rehefa nifankatia ny mpianatra ka niray saina dia niombona tao amin'ny Fanahy Masina, tamin'izany dia nomban'ny famantarana sy fahagagana ireo Apostoly ary ny tanany no nampiasain'ny Fanahy Masina. Ny asa nataon'ny Apostoly dia fahagagana mandrakariva, Asan'ny **Apostoly 5: 12-16** *"Ary ny tanan'ny Apostoly no nanaovana famantarana sy fahagagana maro teo amin'ny vahoaka; ary izy rehetra niray saina teo amin'ny Fialofan'i Solomona; ary tsy nisy tamin'ny olona sisa rehetra sahy niray taminy; nefa nankalaza azy ny vahoaka. Ary vao mainka nisy olona maro koa na lahy na vavy izay nino ny Tompo nanampy ho isany;ka dia nentiny teny andalambe aza ny marary ka napetrany teny ambony farafara sy fandriana, mba hisy ho azon'ny tandindon'i Petera ahay, raha mandalo izy. Ary ny olona maro avy tamin'ny vohitra manodidina an'i Jerosalema dia nivory koa, nitondra ny marary sy izay nampahorin'ny fanahy maloto; dia sitrana avokoa izy rehetra."* Asa Lehibe no nataon'izy ireo izay nanova ny olona, nampitolagaga, izay ambara ankehitriny hoe "FIFOHAZAM-PANAHY". Tao Jerosalema no nanombohana ny ASA mba hamerenana amin'ny laoniny ny zava-drehetra. I Petera koa dia evanjelistra sady iraka toa an'i Filipo koa izay nambara teo aloha. Tsy zakan'ny mpisoronabe sy ny synedriona ny asan'ny Fanahy teo amin'ny Apostoly satria JESOSY no notoriana ka dia nosamborina ireny, nogadraina tao an-tranomaizina mba tsy hampianatra ny amin'izany anarana izany, ny momba an'i JESOSY, **Asan'ny Apostoly 5: 28** *"Efa noraranay mafy dia mafy ianareo tsy hampianatra amin'izany anarana izany; kanjo, indro, efa nofenoinareo ny fampianaranareo Jerosalema, ka tianareo hankinina aminay ny ran'izany Lehilahy izany."* Mba fanatrrao ve ny zava-nisy tamin'izany? Rehefa no hidina tao an-tranomaizina ny apostoly ka nasaina nalaina sy navoaka. Ny zava-nisy? **Asan'ny Apostoly 5: 22-23** *"Fa nony tonga ny mpiandry raharaha, dia tsy nahita azy tao an-tranomaizina; dia niverina izy ka nilaza hoe: Ny tranomaizina dia hitanay mihidy tsara, ary ny mpiambina mitsangana eo am-baravarana; kanefa nony novohanay, dia tsy nahita olona tao izahay.* "Tsy misy mahasakana AHO rehefa miasa sady miaro ny mpanompoko tsy ho alaim-baraka. Hoy Petera, **Asan'ny Apostoly 5: 29-32**. Mandraka ankehitriny tokony tsy miova izany ASA fitoriana sy fanambarana izany. Ny fahavalo dia tsy tia an'i JESOSY ary manao ny fomba hanakanana ny FITORIANA an'i JESOSY sy tsy hatao fa Gamaliela kosa nahalala fahamarinana na dia fariseo aza izy, **Asan'ny Apostoly 5: 39**. Ny tiako ambara dia izao: nanomboka tamin'ny andron'ny Apostoly no efa nisy ny fanenjehana ka mandraka ankehitriny, izany indrindra no antony nanomezana ireo Fanomezam-pahasoavana ireo. Asan'ny FANAHY izany ka tsy hain'i Iosifera indrindra, ny hany ataony dia ny manohitra sy ny maka tahaka ary mampitahotra. Izany indrindra no anaovana ny ASA miainga ao anaty Fiangonana ary miainga amin'ireo dingana 5 mandrakariva mba tsy ho diso. Araho tsara ary izao lalana izao: "aoka mba ho avy amin'ny Fiangonana ny ASA. Miainga ny iraka misafo ny tanàna, mety sady evanjelistra koa izy, mitaona ny olona. Inona no ataony? Angonina izay resy lahatra sy manaiky ary dia sokafana ny atao hoe FIANGONANA. Ny Apostoly dia nijanona tao Jerosalema nanao ny ASA tao, ankoatra an'ireo nivoaka nanao iraka toa an-dry Filipo tany Samaria. I Petera sy i Jaona rehefa nahare fa maro no nandray ny Teny tao Samaria dia nankany izy roa lahy. Inona indray no nataony tany? Satria mpiandry izy roalahy ireo. **Mpiandry= Pastera ankehitriny**. Nankany Samaria izy ireo hanohy ny ASA, **Asan'ny Apostoly 8: 14-17**. Rehefa vita ny asan'ny evanjelistra dia raisin'ny pastera ny tohiny mba ho tanteraka ny Fahamarinana rehetra. Rehefa tafatoetra tsara ao anaty Fiangonana ny olona dia ny pastera no mpiandry ny fanahin'ny olona, hanohy ny ASA rehetra manaraka. Anjaran'ny pastera izay mpiandry no mitory ny Teny Fikasana rehetra, manohy ny dingana toy ny fandraisan'ny olona ny Fanahy Masina sy ny AFO. Avereno vakio ny asa notohizan'i Petera sy i Jaona tany Jerosalema. **Asan'ny Apostoly 8: 5-7**. Rehefa fantatrao ary izany dingana'asa izany dia inona indray ny Fanomezam-pahasoavan'ny pastera na ilay mpiandry? Ny atao hoe mpiandry, hoy koa ny sasany hoe mpitandrina, i pastera no mahazatra ny maro, nomena azy ny Fanomezam-pahasoavana "FAHENDRENA" satria izy dia mitaiza fanahin'olona, raha mitory dia tsy mandratra ny toriteny fa manangana sy mampijoro ary mampiorina, manova ny fiainan'ny mpino izay mihaino, ny fitondran-tena, ny finoana, ny faherezana, ny fitiavana, marobe mihitsy ireo voalaza ao anaty Baiboly tokony ho fantarina. Anjaran'ny pastera ny manao ny Fandraisan'ny Fiangonana ny FANASAN'I JESOSY amin'ny maha mpiandry azy. Efa fantatrareo ny dikany fa fampiraisana, fiorenana, fiandrasana an'i JESOSY mandra-pihaviny. Amim-pahendrena mandrakariva no ifandraisan'ny pastera amin'ny Fiangonana. Manana ny Fanomezam-pahasoavana mandamina ny asa araka ny sokajiny avy koa izy. Ny Pastera koa dia nomena ny Fanomezam-pahasoavana mizara sy manome ny Fiangonana. Izany hoe manana fiantrana, manangona ny Kristiana ho iray fa tsy mampisara-bazana, tsy mampitsitokotoko na mizaha tavan'olona. Nomena azy koa ny Fanomezam-pahasoavana mahafantara fanahy samy hafa mba tsy hanimba ny asa ny fisian'izany ao anaty Fiangonana. Nomena azy ny Fanahy mahalala mba hahalalany ny zava-misy eo amin'ny Fiangonana sy eo amin'ny asa iandraiketrany. Asa fanompoana daholo izany. Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA



***Efesiana 4:25***

*Koa esory ny lainga, ka samia milaza ny marina amin'ny namany avy hianareo rehetra; fa samy isan'ny momba ny tenan'ny namantsika avokoa isika.*

## TAFATAFA

## Raharizafisoa Zo

# Ny fanonganam-panjakanana tamin'ny 2009 no fototry ny tsy fandriampahalemana amin'izao

***Fanehoan-kevitry ny mpamaky iray : Raharizafisoa Zo indray no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany.***

Mbola ho ela i Madagasikara vao ho tafarina amin'izao tsy fandriampahalemana izao. Tsy misy tsy mahalala fa ny fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina tamin'ny 2009 no fototry ny insécurité eto Madagasikara. Tantara mipetraka izany ka tsy azo hodiana tsy hita ary fafana amin'ny hoe aoka ny ho avy no banjinina. Ka ny hamisavisana ny lasa anie hitsinjovana ny ho avy e!

Amin'izao fotoana, mody asaina manao communication ireo polisy sy zandary milaza fa efa mihetsika izy ireo miady amin'ny tsy fandriampahalemana. Betsaka anefa ireo hita fa hay avy amin'izy ireo ihany no manafika sy miaraka amin'ny jiolahy. Firifiry moa izay basy fampiasan'ny mpitandro ny filaminana tratra nampiasain'ny jiolahy izay anefa dia tsy mbola heno mihitsy ny fanadihadiana hoe avy aiza ireny fitaovam-piadiana ireny? Raha mandeha tsara mantsy ny asa ao amin'ny tafika ao dia tokony ho fantatra hoe iza no nampiasa ity basy ity koa nahoana izy no tratra teo ampela-tànana'ny jiolahy. Sa mety nahavoarohirohy manam-boninahitra ambony ka tsy navaoaka izany fanadihadiana izany?

Ny serasera ataon'ny pôlisy sy ny zanadary no mampiseho ireny fitaovam-piadiana mahery vaika nampiasain'ny jiolahy ireny eo amin'ny fahitalavitra ary tsy vitsy ny olona miresaka hoe : « Fa nahoana no tsy arahina ny bokim-basy dia ho hita eo ny mafia eto izay tsy aiza fa ao amin'ny tafika ao ? » Sa ve dia gaboraraka ny fampiasana basy ao amin'ny miaramila sy ny zandary ary ny tafika ao? Iza anefa no tsy mahalala fa nandrora nitsilany ihany izy satria ny fiparitahan'ny basy nanomboka tamin'ny fanonganam-panjakana 2009 no fototr'iio firongatry ny tsy fandriampahalemana io. Nampianarina ny vahoaka handroba sy hangalatra ka izao no vokany. Nampianarina ny miaramila tsy hanaja ny rafitra ka izao no vokany.

Ny tsy fandriampahalemana dia tsy inona fa lany henatra ny malagasy, ary very ny soatoavina, ka mangalatra sy mamono olona amin'ny fomba feno habibiana. Izany no nampianarina tamin'ny 2009.

Ankoatr'izay, ny hala-bato anie ka dahalo ambony latabatra e! Nampianarina ny maro tamin'ny malagasy hanao an'izany. Ka inona moa no azo hantenaina satria simba ilay toetsaina malagasy. Tsy mahagaga raha ny gaboraraka sy ny kolikoly no manjaka. Ireo sehatra tena tsy tokony hahitana an'izany no voalazan'ny Transparency International fa tena hanjakan'izany. Ny zandary, ny pôlisy, ny FITSARANA hoy izy ireo. Tena zava-doza anie izany fa toa tsy mampiraika antsika eh. Ny toerana tokony hisy ny fahamarinana no lasa tranondainga. Fantatry ny vahoaka izany fa inona moa no azony hatao satria izy anie tsy tànana handrangotra na tongotra hitsipaka eh! Ny any heriny dia mametraka ny fahatokisany fa misy Andriamanitra ka hisy farany ny zavatra rehetra. Ary hisy tokoa moa izany.

Ka ny mpitondra no efa nampiasa an'ireo miaramila, sy pôlisy ary zandary hanaovana ireo paipaika pôlitika sy hosoka isan-karazany koa nahoana moa izy no tsy ho sahy mba haka ny anjarany amin'ny fomba tsy katôlika ?

Ny fidirana amin'ireny maha pôlisy na zandary na Mpitsara ireny aza tsy misy tsy mahalala fa risoriso vola be tsy toko tsy forohana , koa tsy mahagaga raha ny toetsain'ny olona tafiditra amin'ireny mihitsy no efa mpangalatra sy mpandroba. Koa tsy ny asa sy ny andraikitra no ambony fa ny vola sy ny fahefana. Tsy olana amin'ireny olona ireny ny milaza fa ny loko fotsy dia mainty ary ny loko mainty dia fotsy. Hafahana ny mpangalatra sy ny mpamono olona rehefa nanome vola. Ny olona betsaka manana ny fahaizana sy fahendrena hanaovana ny asa tsy tafiditra fa ny olona betsaka manana toetsaina tontakely no tafididitra. Tsy mahagaga raha fihatsaram-belatsihy fotsiny no hiresahana eto hoe miady amin'ny kolikoly sy ny tsy fandriampahalemena.

Ny vaha olana izany dia ny mpitondra no tokony hanome lesona sy môdely tsara voalohany mba harahin'ny vahoaka. Fa raha ny mpitondra aza malaza ratsy amin'ny halatra, sy ny hosoka sy ny fandrobana sy ny lainga ary famonoan'oloana, inona moa fa tsy famporisihana ny vahoaka entina hanao ny tsy mety izany.

Ny fanagadrana miendrika enjika pôlitika dia vao mainka mandrisika ny olona hangalatra sy hifamono satria rehefa mpiray petsapetsa sy mitovy hevitra amin'ny tena dia hodiana tsy jerena ny ratsy hataony fa rehefa tsy mitovy hevitra dia enjehina. Vao mainka aza omena seza sy avara-patana na dia efa fantam-poko fantam-pirenena izao aza fa nanao hosoka sy mpangalatra. Tsy misy tsy mahalala anie fa nasehon'ny olona tamin'ny tambazotran-tsrasera fa misy minisitra nanao hosoka tamin'ny diplôma ao. Nefa tsy taitra amin'izany ny Filoha sy ny Praiministra.

Mihaino sy mijery ary mahafantatra anie ny olona eh! Fantany tsara fa sarisarim-pahamarinana, kisarisarimpangaharahana ary fampandriana adrisa no betsaka eto fa ny tànana zatra mitsora tsy afaka mivonkina intsony.

Isan'andro manerana an'i Madagasikara ny fandrenesana fanafihan-jiolahy. Ary tsy ambanivohitra tsy an-tanàn-dehibe fa manerana ny Nosy mihitsy. Taloha na ny tain'omby mivadika aza tsy misy mahasahy maka, fa ankehitriny vola roa alina aza hamonoana olona.

Isan'andro ihany koa no mahita ny olona fa votsotra ny olon-dratsy tatsy na taroa ka mahatonga ny olon-tsotra ho tezitra.

Mbola ho ela i Madagasikara vao ho tafarina amin'izao tsy fandriampahalemana izao.

***Nangonin'ny Ny Valosoa***

SAMBAVA

## Tovolahy mpifoka jamala nangala-badin'olona niharan'ny fitsarambahoaka

Naniry mafy hifankatia amin-dRamatoa mpividy ny vokatra anana amboleny ity lehilahy iray mpifoka jamala tany Sambava, tonga nikaroka ilay Ramatoa tany an-tokantranony na dia efa nafenin'ny manodidina sy nambara fa efa manambady ilay Ramatoa. Niditra an-keriny tao amin'ny tokantranon'ilay Ramatoa ity tovolahy ary namakivaky ny fanaka rehetra tao an-trano raha naheno fa efa manambady ity Ramatoa, naheno izany ity tompombady ka nandray vatankazo ary nikapoka ilay mpangala-bady izay efa mamomamo jamala ka tapaka ny tanany ary lasa nitsoaka avy hatrany. Tsy nijanona hatreo anefa ny raharaha fa mbola naniraka andian'olona maromaro koa izy hikaroka ilay tovolahy any amin'izay misy azy, vatan-dehilahy 15 no tonga nisambotra ary namono sy nahafaty tamin'ny fandorana velona ilay tovolahy mpangala-bady. Olona 40 ankehitriny no haiditra ny fonjan'i Sambava noho ity raharaha ity. Raha ny fanadihadihana ihany dia nifankatia ihany ireto olona roa ireto fa hatao « par silence » araky ny fitenin'ny tanora, saingy niakatra ny jamalan-dralehilahy mpangalabady, ka tsy naharitra ny mena miraviravy fa nangarom-biby andavaka dia izao namoy ny ainy izao.

*Zaka*

Tsy fandriampahalemana

## Notafihan'ny jiolahy Ambohitrandriamanitra Manjakandriana

Miha-miseho lany any amin'ny distriakn'i Manjakandriana faritra Analamanga koa amin'izao fotoana ny tsy fandriampahalemana. Afak'omaly, nanafika tao Tsimahabeomby, Fokontany Amboronosy, Kaominina Ambohitrandriamanitra, Distrikan' i Manjakandriana ny dahalo maromaro mitondra fitaovampiadiana. Noho ny hery tsy mitovy, lasa nitsoaka tany an-tsaha avokoa ny olona araka ny vaovao nampitain'ny mponina avy any an-toerana. Noho izao tsy fandriampahalemana izao, miantso ny tompon'andraikitra, indrindra ny mpitandro ny filaminana ny mponina any amin'iny faritra iny, hanatevina ireo mpitandro filaminana any.

*Ny Valosoa*



*Ny tanàna notafihan'ny jiolahy tany Ambohitrandriamanitra Manjakandriana.*

CUA - Anosibe Andrefana II

## Mbola nitondra fanampiana ho an'ireo traboina may trano

Noho ilay haintrano izany nitranga teny Anosibe Andrefana II boriboritany faha efatra, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny alatsinainy lasa teo dia tsy niraviravy tanana ny teo anivon'ny Kaominina Antananarivo (CUA) fa mbola nanome fanampiana ho an'ireo traboina may trano izay miisa 157. Vary, menaka, savony, koveta, seau, ary lamba fitafy maro isan-karazany, izay fantatra fa tena ilaina amin'izao trangan-javatra izao no natolotry ny CUA. Delegasiona mafonja no niara-nirodorodo teny an-toerana ny alakamisy teo, izay notarihan'ny talen'ny fiahiana ara- tsosialy, Dr Andriantseheno Prisca, ny Delegen'ny Boriboritany faha efatra Solofo Ramahandrimanana sy ny ekipany, narahin'ireo tale sy tompon' andraikitra ambony ao amin'ny fiadidiana ny tanàna, izay marihana fa solontenan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana hatrany. Tsy nijanona tamin'izany ihany ny fanampiana ireo traboina fa narahana fizahana ara-pahasalamana, tamin'ny fandefasana ireo mpitsabo eny an-toerana hijery sy hitsabo ireo aretina mety hisy amin'ireo traboina sy ny mponina eny an-toerana. Nanamafy ny eo anivon'ny tanànan'Antananarivo ny tokony hanajanonana tanteraka ny fanorenana ireny trano hazo ireny, na aiza na aiza ho fisorohana ny tranga tahaka izao.



*Ny solontenan'ny CUA nitondra fanampiana tetsy Anosibe Andrefana II.*

*Aly*

**SARIITATRA:** Miandry ilay veli-vary kopi-kole fa noana ny vahoaka




Anosipatrana

## Taxi-be nifanenjika nifatratra tamin' ny Poteau, maro ny naratra

Nanao ny nataony indray ny taxi-be teny amin'ny faritra Anosipatrana Antananarivo Renivohitra iny omaly. Fiara fitateram-bohoaka taxibe 163 iray no nifatratra tamin'ny andrin-jiro ka maro ireo naratra. Vokatry ny fifanenjehana teo amin'ireo taxibe amin'ity zotra ity, izay mampitohy an'Alasora sy Ankadikely Ilafy no nahatonga izao loza izao. Tena tsy mitsinjo mpandeha mihitsy ireo mpitatitra ireo ankehitriny, ny saran-dalana efa miakatra ny sarany, ny kalitao omen'ireo mpitatitra ny mpanjifa anefa tsy misy, anisan'izany ny fitrangan'ny loza toy izao, noho ny tandrevaka sy ny setrasetra ataon'ireto mpitatitra ireto. Mila jeren'ny mpitandro filaminana sy ny ATT ny tandrevaka toy izao.

*Ny Valosoa*

Tsena pavillon, Boriboritany

## Nandamina sy nanisaka ireo mpivarotra tsy ara-dalàna ny CUA

Tsy mihemotra fa mandroso hatrany ny fandaminana ny tanàna izay ataon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tamin'ny androny omaly zoma dia ny fanakisahana sy fandaminana ireo mpivarotra tsy ara-dalàna izay manamorona ny tsenan'ny "Pavillon" Analakely no notanterahan'ireo ekipan'ny Polisy Monisipaly sy ny mpiandraikitra ny tsena ao amin'ny Boriboritany voalohany. Raha araka ny nambaran'ny mpitantana ny tanàna dia anisan'ny manohintohina ny fifamoivoizan'ny fiara, manelingelina ny mpandeha an-tongotra ary mahabetsaka ny mpangarom-paosy mampitaraina ny vahoaka ireto mpivarotra tsy ara-dalàna ireto, ka izay indrindra no nandraisana izao fanapahan-kevitra izao, mba hanalalahana ny làlana sy handaminana ny tanàna. Tsara ny manamarika fa tsy mandoa hetra sy "ticket" aradalàna ireo mpivarotra ireo kanefa dia izy ireo no tena anisan'ny mpandoto tanàna. Tsy mitsahatra ny manentana ny be sy ny maro araka izany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra mba samy hanaja ny fandaminana: ny arabe ho an'ny fiara, ny "trottoir" ho an'ny mpandeha an-tongotra, ary ny tsena ho an'ny mpivarotra.

*Helisoa*

Boriboritany faha-3 (CUA)

## Tsy azo ivarotana ny arabe, halalahana ny troittoir

Nisy ny fampilazana ho an' ireo mpivarotra amorondalana nataon'ny Boriboritany faha-3, Kaominina Antananarivo Renivohitra, mahakasika ny tsy tokony hivarotany anaty arabe sy anaty lalan'ny mpandeha an-tongotra. Izany dia natomboka tetsy Andravoahangy ambony nihazo hatrany Mascar ary nipaka teny Mahavoky Besarety omaly zoma. Ny tanjona amin'izany dia ialana amin'ny fitohanan'ny fiara sy ny hampalalaka ny trottoir, ka izany dia mihâtra ny alatsinainy ho avy izao. Ny ekipan'ny Boriboritany faha-3 sy ny polisy nasionaly no miara-misalahy amin'ny fanatanterahana io fanapahan-kevitra io. Teo koa ny fanamafisana momba ny ora ho an' ny tsenan'ny tantsaha, izay mirava amin'ny 7h30 maraina, ho alamina manaraka izany ny parking etsy Mascar mba hahamora ny fifamezivezena. Hisy ny fepetra hentitra mifanaraka amin' io ho an'ireo mandika lalàna.

*Serge*



*Ny hetsika nataon'ny Boriboritany faha-3 teny an-tsena.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**16/02/19 hatramin'ny 22/02/19**

- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba (route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 878-02-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**SAMBAVA**

# Hatsaraina ny sehatra fihariana lavanila

Tsara ny kalitao sy ny vidim-bokatra tamin'ity taona ity na dia mbola nirongatra aza ny halatra lavanila maitso aty amin'ny faritra sava. Tafakatra ho 1 tapitrisa Ariary ny iray kilao tamin'izao taom-pamokarana izao, tsy dia nihena loatra izany raha ampitahaina tamin'ny taom-piotazana ny taona lasa. Naha-velombolo ny maro izany hatsaran'ny vidiny lavanila izany ka nahatonga azy ireo hiezaka ny hanatsara bebe kokoa ity foto-pivelomana sy loharanom-bolan'ny faritra Sava ity. Nisy ny atrik'asa natao ho fikaonandohan'ny mpiantsehatra rehetra mivondrona ao amin'ny GPAS (Groupement des Préparateurs et Acheteur de vanilla dans la Région Sava) ny herinandro ity mba ho fanatsarana izany. Voatsindry mafy nandritra izany ny fitadiavam-bahaolana amin'ny halatra lavanila-maintso izay itarainan'ny maro sy manaratsy tarehy ny kalitao. Niaiky ireo tompon'andraikitra mifehy ny filaminana sy ny mpitondra fa tsy voafehy izany ka hitadiavam-baha olana, antony iray ihany koa mahatonga ny fitsaram-bahoaka maro niseho tany amin'ny Sava.

***Zaka***

Talata Volonondry

# Niova endrika ny toeram-pivarotana koba sy saosisy



*Ireo toeram-pivarotana koba sy saosisy vaovao any Talata Volonondry.*

Anisan'ny mampalaza ny tsenan'i Talata Volonondry Antananarivo Avaradrano ny varotra koba sy saosisy. Ho fanatsarana sy fanatevenana ny varotra ataon'ny mponina any an-toerana ho an'ireo sakafo fihinana ireo, niova endrika ny toeram-pivarotana saosisy sy koba ao Talata Volonondry izay. Izany no tontosa dia noho ny fiaraha-miasan'ny Kaominina any an-toerana sy ny mpamatsy vola alemà GIZ. Izao fanatsarana izao dia tafditra ihany koa amin'ny fitandroana ny lafiny ara-pahasalaman' ireto sakafo fihinana ireto.

***Aly***

Patrick Raharimanana

# Tsy hisy intsony ny saribao, ny kitay, ny hazo isan-karazany amidy




Mitondra ny heviny momba ny naoty navoakan'ny ministry ny tontolo iainana ny mpandinika ny raharaham-pirenena, Patrick Raharimanana, momba ny fampiatoana ny fandraharahana rehetra amin'ny sehatry ny hazo. Asa na izaho no tsy mahazo resaka ry minisitry ny tontolo iainana fa raha ity naoty navoakanao ity hoy izy, izay mety ho tsara na dia tsy nisy vahaolana narosonao aza, dia midika fa veloma ny charbon, ny kitay, ny pizza au feu de bois, hazo sy mpivaro-kazo Isotry sy Andravoahangy, ny vôlizy, ny madrier, ny cerceau camion, ny planche,… Eny fa na nareo Fanalamanga aza dia akatona aby hoy ihany Patrick Raharimanana. Tsy misy hazo azo tapahina na hazo inona na hazo inona, ary tsy misy azo taterina sy mivezivezy mandritra ny fotoana tsy voafetra hatreto. Mirary soa ho antsika hoy izy, tsitsio tsara ny ambina saribao, fa ny ahy aloha fatana induction, enga anie tsy hisy intsony ny delestage fa maty noana eto isika fa arovana ny ala sy ny zava-maniry hoy ny minisitra.

***Ny Valosoa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 271**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0270)

***Mitsivalana***
- Kisoa – Fa (Miv)
- Asa – Mira
- Maimbo
- Nao – Ha
- Alaina
- Na – Niray
- Aoka – Osa

***Mitsangana***
- Kambana
- Isa – Lao
- Saina
- Maina
- Ambony
- Io – Ora (Miv)
- Rà (Miv) – As
- Faladia

## TENY MIFANARAKA N° 271




**Mitsivalana**

**1.** Mpanelanelana ara-barotra – Mitempo **2.** Mpanondro – Voalohan-janaka (Miv) **3.** Fitobian'ny fiarako **4.** Karazana lasopy (Miv) – Nanesotra **5.** Taolany – Toe-bolo, ngita **6.** Heloka – Kapoka (Miv) **7.** Lalam-pirenena – Fitaovam-piadiana **8.** Kamo, tsy mazoto **9.** Tao – Tovona **10.** Isa omea ao amin'ny taranja – Tsy manaiky (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Misotro – Tsirin-teny **B.** Voankazo malaza ao Ankaratra – Dila **D.** Fiandohan'ny rotaka – Tofoka **E.** Nandalina **F.** Taranany **G.** Dadany – Kianteny **H.** Teny mandràra – Ray **I.** Fanatanjahan-tena – Metaly **J.** Naoty – Tsy misy volo (Miv) – Osy tapa-drambo **K.** Tolotra – Tsaroana (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0270

**Mitsivalana**

1 Milomano **2.** Anadahy - PM (Miv) **3.** Lalina - Lay **4.** An(dro) - Saina **5.** Lena - Noan(a) **6.** Ala - Do (Miv) **7.** Ka - Enina **8.** At - Namangy **9.** Rotra - Ay **10** . Vazo miray

**Mitsangana**

**A.** Malalaka **B.** Ina - Elatra **D.** Lâlana - Zo (Miv) **E.** Odina - Ento **F.** Man - Rano (Miv) **G.** Saha (Miv) - Mamy (Miv) **H.** Ny - Anana **I.** Lio - Rano (Miv) **J.** Manao - Gia Mpiandry

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fandaminana teny amin'ny Pavillon Analakely nataon'ny CUA.










Ny fanolorana fanampiana ny traboina nataon'ny CUA teny Anosibe Andrefana II.







